# Ilay Voa Tsara Nafafy 02 Oktobra 2018

# 2 Talata oktobra

**Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho... Dia hoy Jesosy tamin'i Simona : Aza matahotra ; hatramin' izao ankehitriny izao dia olona kosa no ho azonao.**
Lioka 5. 8, 10

## Mpanarato olona

*Tsara vakiana : Lioka 5. 1-11*

Petera, ilay mpianatr'i Jesosy, dia nanarato niaraka tamin' ireo namany, nandritra ny alina tontolo, nefa tsy nahazo na inona na inona. Nony maraina, teo am-panadiovana ny haratony izy no nanatona azy Jesosy ary niteny taminy mba hitondra ny sambokeliny ho eny amin'ny lalina ka handatsaka ny haratony. Namaly i Petera hoe : „Tompoko, mandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona ; kanefa noho ny teninao, dia halatsako ihany ny harato". Nino izay nolazain'i Jesosy izy ary nankatò Azy. Koa dia nahazo trondro be dia be izy ireo, hany ka nisy triatra ny haratony.

Nisaotra fotsiny an'i Jesosy ve i Petera, dia nanohy ny asany indray ? Tsia, nisy zavatra lalina nitranga tao anatiny. Noho io fahagagana io, dia takatr'i Petera fa tena Andriamanitra mihitsy io Lehilahy nankatoavin'ny trondro io, tena Andriamanitra mihitsy io Jesosy io. Voakasika ny fieritreretan'i Petera, fantany fa tsy mendrika ny hijanona eo anatrehan'i Jesosy izy noho ireo fahadisoany, ka dia nangatahany Jesosy mba hanalavitra azy : „Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho". Nefa sady niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy ihany izy no niteny izany. Tsy niala Jesosy, ary tsy namela azy tao anatin'ny horohorony. Niaiky ny toetrany i Petera, ampy izany. Hoy Jesosy taminy : „Aza matahotra". Nomeny filaminan-tsaina izy : fantatr'i Petera fa voavela ny helony. Nahazo famotsoran-keloka izy, nohamarinina.

Mbola mandeha lavitra kokoa ny fahasoavan'Andriamanitra ; tsy vitan'ny hoe mamela heloka izany fahasoavany izany, fa mampanankarena ihany koa. Nirahin'i Jesosy ity mpianany ity hanatanteraka asa ara-panahy : „Hatramin'izao ankehitriny izao dia olona kosa no ho azonao". Handeha hitory ny Filazantsara i Petera, ary hahataona olona ho amin'ny finoana : „hahazo" olona izy. Navelany ny asa maha mpanarato azy, fa nanjary mpanompon'Andriamanitra izy ka nahafoy ny zavatra rehetra, mba hanaraka an'i Jesosy.